# Lesona 7: Ny Atao Hoe Fitiavana

## A. Ny maha-ivon'ny fitiavana *agapé*

1. Inona no lohahevitra lehibe hitanao ao amin’ny lahatenin’i Paoly momba ny fitiavana *agapé* ho an’ny Kristianina tao Korinto? 1 Korintiana 13:1-3
2. Ahoana no ahafahantsika ho feno izany fitiavana mahatalanjona izany? Romana 5:5, Lioka 11:13
3. Inona no faminaniana momba ny fitiavana *agapé* nolazain’i Jesosy izay mifandraika amin’ny andro farany eto amin’ny tantaran’ny tany? Matio 24:12
4. Aiza no ahitanao tsy fahampian’ny fitiavana *agapé* eto amin’izao tontolo izao ankehitriny?
5. Mizara fotoana iray nahitanao ny fanehoana ny fitiavana *agape* an’Andriamanitra.

## B. Fanoritsoritana ny fitiavana *agapé*

1. 1 Korintiana 13:4a, 6b-8a Inona avy ireo endrika miabo amin’ny fitiavana *agapé* izay asongadin’ireo andininy ireo?
2. Iza amin’ireo endrika miabo amin’ny fitiavana *agapé* ireo no tena misy fiantraikany lehibe aminao?
3. Ahoana no anamafisan’ny famaritan’i Paoly ny fitiavana *agapé* ao amin’ny Galatiana 5:22-23 ny fanambarana ao amin’ny Romana 5:5?

## D. Ny tsy ataon'ny fitiavana *agapé*

1. 1 Korintiana 13:4b-6a Inona avy ireo tsy ataon’ny fitiavana *agapé*?
2. Nahoana ny Apostoly Paoly no tsy nifantoka fotsiny tamin’ireo endrika miabo ny fitiavana *agapé*?
3. Iza amin’ireo endrika miiba ireo no tena fahita matetika eto amin’izao tontolo izao ankehitriny?
4. Iza amin’ireo endrika miiba ireo no efa nesorina teo amin’ny fiainanao rehefa nofenoina ny fitiavana *agapé* avy amin’Andriamanitra ianao?

## E. Ny fitiavana *Agapé* naseho teo amin'ny fiainan'i Jesosy

1. Aiza no ahitanao ny fanehoana ny fitiavana *agapé* an'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'i Jesosy? Jaona 13:1, Marka 10:16, Matio 14:14, sns.
2. Inona no antso ataon'i Jesosy amin'ny mpianany ho setrin'izany fitiavana *agapé* izany? Jaona 13:34, 15:9, 12
3. Ahoana no fomba namalian'ny Apostoly Jaona izany fanehoana ny fitiavana *agapé* an'Andriamanitra izany? 1 Jaona 3:1,16, 4:12

## F. Ny fitiavana *agapé* no lehibe indrindra

1. 1 Korintiana 13:13 Ahoana no amaranan’ny Apostoly Paoly ny resaka momba ny fitiavana *agapé*?
2. Ahoana ny maha-zava-dehibe ny finoana ho an’ny Kristianina? Hebreo 11:6, Efesiana 2:8, 1 Jaona 5:4, sns.
3. Ahoana ny maha-zava-dehibe ny fanantenana ho an’ny Kristianina? 1 Tesaloniana 4:13, Romana 15:13, sns.
4. Nahoana no ambony noho ny finoana mitondra famonjena na ny fanantenana maharitra aza ny fitiavana *agapé*? Kolosiana 3:14, 1 Jaona 4:12, sns.